# Fifanajana Isan'andro ao amin'ny Rio Tinto

# Fijerena ny Zava-bita

**Fampitandremana**

Misy tantaran'olona niharan'ny fampijaliana sy fanararaotana ara-nofo ary fanavakavahana ato amin'ity tatitra ity. Mety hiteraka fihetseham-po samihafa ao aminao mamaky azy izany, indrindra raha efa niharan'ireo karazana fitondran-tena mandratra ireo ianao na nanatri-maso. Ampiasao ireo karazana tohana afaka hanampy anao.

ELIZABETH BRODERICK & Co.

# Famintinana

## Fampahafantarana sy famaritana

Rio Tinto dia orinasa anisany lehibe indrindra ary koa orinasa izay tena mahomby amin'ny sehatry ny fitrandrahana harena an- kibon' ny tany ary hita amin'ny firenena 35 maneran-tany ka manana mpiasa manodidina ny 57,000. Ho fananatsarana ny fahaiza-manao,  ny fampivoarana ny fanavaozana ary ny fanamafisana ny amin'ny lafin'ny aroloza, dia lasa fototra ijoroan'ny Orinasa ny "Fifanajana Isan'andro".

Tamin'ny martsa 2021, no nanombohan'ny Rio Tinto ny asa mahasahana ny Fifanajana Isan'andro ka nangataka an'i Elizabeth Broderick & Co (EB&Co)mba  hanao  fijerena manokana ny  kolotsaina izay hita eo amin'ny toeram-piasana. Tamin'ny Febroary 2022, dia navoaka tao amin'ny tatitry ny Fifanajana Isan'andro ny valiny izany sy ireo tolo-kevitra. Nanomboka tamin'izay fotoana izay dia nisy fifantohana bebe kokoa tamin'ny fametrahana kolotsaina madio, azo antoka hoan'ny rehetra ny teo anivon'ny orinasa; izay hahatonga ny fampandehanan-draharaha milamina sy azo antoka kokoa, ary kolontsaina ahafahan'ny tsirairay tsy ankanavaka hivoatra.

Tamin'ny volana desambra 2023, mifanaraka amin'ny Tolo-kevitra E4 amin'ny Tatitra momba ny Fifanajana Isan'andro, dia nanapa-kevitra Rio Tinto hiantso an'ny EB&Co hanatanteraka ny Fijerena indray ity zava-bita ity. Ity Fijerena ny zava-bita ity dia mila ny fahafantarana ny fiovana misy eo amin'ny kolontsaina izay zavatra sarotra iainana mandritra ny taona maro ka manomboka amin'ny fahatsapana ny amin'ny filàna fanovana, arahin'ny andiana asa izay hiteraka ny fanombohan'izany fiovana izany. Ny fiovan'ny kolontsaina dia miseho amin'ny alàlan'ny fahitana fahasamihafana isankarazany ary amin'ny fiezahana handray ireo fomba fiasa vaovao mba ahafahana mandroso miaraka. Ny fomba izay tokony hamaritana ny Fijerena ny Zava- bita dia aminy alalàn'ny fanaraha-maso "ny ezaka", fa "tsy ny fahalavorariana". Ny anton'ity Fijerena ny Zava- bita indray ity dia ny hamantarana hoe hatraiza ny ezaka efa vita mahakasika ny fangatahana natao, ary koa ny hamantarana ireo sehatra izay mbola mila arahimaso mba hahitana fiovana haingana. Manome hevi-baovao hampiasana amin'ilay fanantanteraha izay atao amin'izao fotoana izao momba ny fivoaran'ny kolontsaina ao anivon'ny Rio Tinto.

Nohon'ny halehiben'ny asan'ny Rio Tinto, ny fitomboany sy ny fahasamihafan'ny mpiasa, ary ny andraikitra samihafa sy ny tontolon'ny asa maro samihafa, dia tena ilaina ny fampiharana ny Fifanajana Isan'andro eo anivon'ny lafiny rehetra mahasahana ny orinasa.

Roa taona taorian'ny nahazahaona ireo vokatra ny tatitra momba ny Fifanajana Isan'andro natao tamin'ny 2022, dia hita taratra ny fandrosoana ary misy ny fahazotoana hatrany amin'ny asa atao.

Eo anivon'ny tontolo feno fahasarotana, tsy mora ny fandrefesana ny fiovana mankany amin'ny tsaratsara kokoa ka mitaky fomba fiasa mirindra. Ny fandrosoana dia tsy hiseho amin'ny endrika tsotra mora fantarina. Raha toa ka nahafahana nahita fandrosoana misy eo anivon'ny faritra sasany, tsy mahagaga izany, tsy ahitana fiovana kosa anefa ny sasany, ahita fihenana izany amin'ny faritra iray ny vokatra izay azo, maneho tsy fandrosoana na fihemorana koa izany eo anivon'ny faritra sasany. Tokony ho fantatra tsara ny fiovana misy amin'ny ankapobeny, izay ahitana miharihary ny fanoherana ka mety hiteraka ny habetsahan'ny fitondran-tena manimba any amin'ny faritra sasany. Antenaina fa noho ny ezaka izay mifantoka amin`ny fampandrosoana maharitra ,izay mifanaraka ny vaninandro any aoriana any. Tena ilaina ny fitohizan'ny ezaka mba hampahery ka hampihena ny fanoherana, ary ny fahazahoana ny momba ny fanovana dia hita taratra eny rehetra eny, indrindra eo anivon'ireo mpitarika (mpitantana, mpanara-maso ary mpitarika ny ekipa). Ny Fijerena indray ny zava-bita dia ahafahana mamantatra ireo faritra izay mbola mila fanarahamaso hatrany.

## Fomba Fiasa

Ireo hevitra azo izay aseho ato amin'ity tatitra ity dia mifototra nalaina avy amin'ny ango-kevitra tsara sy maro isa famakafakana henjana sy mahafaritra mba hahazahoana fanombanana feno. Ny fiankinana amin'ny ango-kevitra iray fotsiny dia tsy hahasahana ireo zavatra tiana ho azo. ny zavatra rehetra momban'ny porofo nangonina tamin'ny alalan'ny fomba fikarohana isan-karazany. Ny EB&Co dia nitazona ny fomba fiasa amin'ny alalan'ny fampiharana ireo fomba fikarohana mitovy sahala tamin'ny Fijerena voalohany izay natao tamin'ny 2022 izay nampiana fitsidihana ireo toerana fiasana an'ny Rio Tinto anisan'izany i Mongolia, Montréal, Nouvelle Zélande, Pilbara, Saguenay, Salt Lake City, Kitimat, Kennecott ary Weipa. Anisan'ireo pitsopitsony fanampiny ao amin'ny fomba fanadihadiana fampitahana ireo ango-kevitra izay hita ao amin'ny Apendisy B.

Ny Fijerena indray ny Zava-bita dia nahitana **1,318 mpiasa** nandray anjara taminy alalan'ireo fivoriana momba ny fihainoana natao aminy alalan'ny aterineto na mivantana (izay voadika amin'ny fiteny 7), **olona 10.056** taminy alalan'ny fanadihadiana (izay voadika amin'ny fiteny 13) ary **olona miisa 342 no nandray anjara an-tsoratra** (amin'ny fiteny 13).

# Famintinana

## Hevi-dehibe avy amin’ny Fijerena indray ny Zava-bita

- Ny soso-kevitra azo avy amin’ ny Tatitry ny Fifanajana Isan’andro izay notanterahana tamin’ny 2022 dia nampiharina amin’ny faritra maro. Tamin’ireo tolo-kevitra 26, dia 17 no efa nampiharina ary amin’ireo 9 sisa ambiny dia efa eo ampanatanterahana azy.
- Ny fitondran-tena manimba dia mbola mijanona ho zavatra sarotra iainana hatrany, indrindra ho an’ny vehivavy sy vondron’olona voahilikilika. Ny fampitahana natao tamin’ireo ango-kevitra ny fanadihadiana tamin’ny 2021 sy 2024 dia maneho fifangaroana. Any amin’ny faritra sasany, ny valin’ny fanadihadiana dia manasongadina ny fandrosoana eo anelanean’ny 2021 sy 2024 ary any amin’ny faritra hafa, dia asehony fa mbola misy fitotonganana sy fihemorana mihitsy aza. Satria mbola 2 taona monja ny Rio Tinto no nisahana ny fanovàna ny kolontsaina, ity valin’ny fanadihadiana ity dia tondro, milaza fa ny tombotsoa haterakan’ity fanovana natao tao anatin’ny 2 taona ity dia mbola tsy hita taratra tanteraka hoan’ny mpiasa rehetra ao amin’ny Rio Tinto. Tokony ho amin’ny fiovana amin’ny ankapobeny no hijerena ny angon-drakitra, izay ahitana ireo fanoherana izay mbola tokony hiova ary mety hisy fitomboana ny fitondrantena manimba amin’ny toe- javatra sasany na amin’ny vondrona sasany.
  - Eo ho eo amin’ny antsasa-manilan’ireo namaly ny fanadihadiana no nanambara fa misy fihatsarana ny momba ny fampijaliana, fanararaotana ara-nofo ary fanavakavaham-bolon-koditra ao amin’ny Rio Tinto
    - **50% nahatsapa fa misy fihatsarana ny momba ny fampijaliana** (22% misy fahatsarana be mihitsy ary 28% nisy fihatsarana kely ihany izany, 24% nilaza fa tsy misy fiovany, 4% nilaza fa samory niharatsy kely, 4% nilaza fa tena niharatsy be ary 15% tsy manana zavatra ho lazaina),
    - **47% nahatsapa fa mba misy fihatsarana ny momba ny fanararaotana ara-nofo** (26% nilaza fa misy fahatsarana be mihitsy, ary 21% nilaza fa nisy fihatsarana kely ihany izany, 22% nilaza fa tsy nisy fiovany, 1% nilaza fa somary niharatsy kely, 1% nilaza fa tena niharatsy be ary 26% tsy manana zavatra ho lazaina), ary
    - **46% nahatsapa fa misy fihatsarana ny momba ny fanavakavaham-bolon-koditra** (23% misy fahatsarana be mihitsy ary 23%[3] nisy fihatsarana kely ihany izany, 24% nilaza fa tsy misy fiovany, 2% nilaza fa somary niharatsy kely, 2% nilaza fa tena niharatsy be 24% tsy manana zavatra ho lazaina).
  - Manodidina ny roa ampahatelon’ireo namaly ny fanadihadiana no mino fa hisy fiovana eo amin’ny faritra tsirairay ao amin’ny Rio Tinto ao anatin’ny roa taona manaraka (57% ho an’ny fampijaliana, 67% ho an’ny fanararaotana ara-nofo ary 63% ho an’ny fanavakavaham-bolon-koditra.)
  - Amin’ny ankapobeny, 7% amin’ireo namaly ny fanadihadiana no niaina fanararaotana ara-nofo tao anatin’ny 12 volana izay (mitovy amin’ny tamin’ny 2021). Ny vehivavy no tena iharan’ny fanararaotana ara-nofo tao anatin’ny 12 volana farany raha oharina amin’ny lehilahy (16% raha ampitahaina amin’ny 4%) ary tsy miova izany nanomboka tamin’ny 2021
  - Amin'ny ankapobeny, 39% amin’ireo namaly ny fanadihadiana no niaina fampijaliana tao anatin’ny 12 volana izay (raha ampitahaina amin’ny 31% tamin’ny 2021). Tamin’ny 2024, ny vehivavy no tena maro niaina fampijaliana tao anatin’ny 12 volana farany noho ny lehilahy (50%, raha ampitahaina amin’ ny lehilahy 36%) ary koa tamin’ny 2021 (36%, raha ampitahaina amin’ny lehilahy 29%). Amin’ny ankapobeny, raha nitombo ny tatitra momba ny fampijaliana amin’ny lahy sy ny vavy, ny betsaka indrindra teo anelanelan’ny taona 2021 sy 2024 dia ny nihatra tamin’ny vehivavy. Ity fiovana ity dia azo hazavaina noho ny antony maro isan-karazany ao anatin’izany ny valifaty amin’ny endrika fampijaliana ara- nofo izay valin’ny ezaka ataon’ny Rio Tinto hampiroborobo ny fisian’ny lahy sy vavy amin’ny sehatra samihafa.
  - Amin'ny ankapobeny, rehefa mampitaha ny fitondran-tena fanavakavaham-bolon-koditra amin’ireo tafiditra ao amin’ny fanadihadiana 2021, 7% amin’ireo namaly ny fanadihadiana no niaina fanavakavaham-bolon-koditra tao anatin’ny 12 volana farany (mitovy amin’ny tamin’ny 2021).
  - Amin'ny ankapobeny, 40% amin’ireo namaly no nanatri-maso ny fampijaliana, fanararaotana ara-nofo na fanavakavaham-bolon-koditra tao anatin’ny 12 volana lasa izay, ary 46% amin’ny olona milaza fa nandray fepetra ho setrin’izany, ary 45% ny olona nilaza fa tsy nanao izany.
  - Amin'ireo izay niaina fanararaorana ara-nofo tao anatin’ny 12 volana lasa izay, 13% no nanao tatitra na fitarainana momba ny fanararaotana a ara- nofo (mitovy amin’ny 2021). Amin’ireo olona niaina fampijaliana nandritra ny 12 volana lasa, 31% no nanao tatitra na fitarainana momba ny fampijaliana (mitovy amin’ny 2021). Amin’ireo olona niaina fanavakavaham-bolon-koditra nandritra ny 12 volana lasa, 12% no nanao tatitra na fitarainana. Tsy misy fampitahana azo atao tamin’ny 2021.

**10,056**
Ireo olona nahavita ny fanadihadiana

**1,318**
mpiasa aminy alalan'ny aterineto na fivoriana momba ny fihainona izay natrehina

**342**
fandraisana anjara an-tsoratra amin’ny fomba tsiambaratelo

# Famintinana

- Ireo hevitra azo avy amin'ny ny Fihainoana sy fanadihadiana dia manasongadina lafin-javatra lehibe maro ahitana fandrosoana nateraka ny hetsika izay nataon'i Rio Tinto:
  - Ny famoahana ampahibemaso ny Tatitra momba ny Fifanajana Isan'andro dia niteraka fiovana lehibe eo anivon'ny orinasa sy ny mpiasa
  - Lasa sahy nanambara ny zava-misy ny olona ary ny Fifanajana Isan'andro dia lasa resahina andavanandro
  - Ny Mpitarika dia lasa mandray ny andraikiny mba hisian'ny Fifanajana Isan'andro
  - Nitombo ny fahaizan'ny mpitarika manentana ny olona entiny
  - Ny fitomboan'ny mpiasa izay manana ny fahasamihafany
  - Misy fomba maro samihafa momba ny fampianarana sy ny fiofanana, anisan'izany ny Fanentanana momba ny aro-loza
  - Misy fandraisana andraikitra miharihary kokoa ny momba ny fitondran-tena manimba
  - Fihainoana ireo mpiara miombon'antoka eo anivon'ny toeram-piasana
  - Mitondra fiovana ho an'ny olona ny fanavaozana ny toerana fiasana

- Ny Fijerena ny zava-bita dia manasongadina fanamby maromaro ary ahafahana mamantatra ireto faritra manaraka ireto izay mbola mila hetsika haingana mba hisian'ny fiovana:
  - **Fanentanana** aminy alàlan'ny fihainoana sy fifandraisana amin'ireo izay tsy mankasitraka ny fiovana, indrindra ny lehilahy
  - **Ny fanohizana ny fampitomboana ny fahasamihafana** amin'ny toerana rehetra ary koa ny andraikitra aminy alalan'ny fanatsarana ny fanintonana sy ny fihazonana ny vehivavy sy ny vondrona isan-karazany, anisan'izany fametrahana tanjona izay ho ezahina tratrarina
  - **Fanohanana ny rehetra mba hiaraka hiezaka** amin'ny fanamafisana ny fandraisana andraikitra amin'ny vondrona rehetra
  - **Fanamafisana ny fifandraisana** misy eo amin'ireo mpitondra ambony sy ny mpiasa
  - **Fampiofanana ireo mpitarika** ho solontenam-panovàna ary mandray andraikitra bebe kokoa sy manaraka fiofanana
  - **Fampidirana ny fiarovana saina** ao amin'ny Rio Tinto amin'ny lafin'ny aro-loza
  - **Fandraisana andraikitra dieny mialoha manoloana ireo fitondran-tena manimba** mba hisorohana ny fihitarany
  - **Famerenana fijerena ny tatitra sy ireo dingana** fahatokisana sy hanatsarana ny traikefa ho an'ny olona
  - **Fanohizana ireo ezaka hanatsara** fotodrafitrasa ary ny famporisihana ireo mpiantoka.

## Famaranana

Rio Tinto dia mandroso hatrany momba ireo zavatra maro sahanina isan-taona mahakasika ny Fifanajana Isan'andro, eo am-piandohan'ny fiandreketana ny resaka Fifanajana Isan'andro, ary efa mahita zavatra mampisy fanantenana eo amin'ny fiovana ara-kolotsaina, fanavaozana, famokarana ary ny eo amin'ny asa atao. Saingy efa manana fanantenana noho ny fiatsarana misy ara-kolontsaina, ny fanavaozana, ny vokatra ary ny asa atao. Satria ny orinasa dia efa nanao asa fanatsarana mahasahana ny fahasamihafana sy ny fampidirana talohan'ny nanombohan'ny Fijerena voalohany, ny famoahana ampahibemaso ny Tatitry ny Fifanajana Isan'andro dia nahatonga fitomboan'ny fahatsapan-tena, eo amin'ny hetsika ary ny fampiasam-bola. Nitondra fiovana lehibe koa izany nanerana ny indostria.

Nanomboka nankatia ny fiovana hita taratra ny mpiasa ary maniry ny hitohizan'izany, ary maniry ny hitohizan'ny Fifanajana Isan'andro hatrany. Anisan'ireo dingana izay nampiasana tamin'ity Dingana Fijerena Indray ity ireo resaka anjatony momba ny fandraisana anjara momba ny kolo-tsaina ao amin'ny fanadihadiana ary fijerena ireo toeram-piasana izay tena niteraka firoboroboana tamin'ny fiovana, niteraka ojam-piovana tsara. Izany hoe, lasa nitombo be ny fandraisana anjara tamin'ny Fijerena Indray 2024 noho ny tamin'ny 2022, izay nampiakatra ny tahan'ny fandraisana andraikitra ny mpiasan'ny Rio Tinto mahakasika ny fanovana atao momba ny kolotsaina. Fanamby maromaro no hita tao amin'ny Fijerena ny zava-bita izay mitaky ezaka tsy miato mba ahafahana manatanteraka ireo tolo-kevitra azo teo aloha, ary izay mety mbola ezaka tokony hatao hanafainganana ny fiantraikan'izany.

Farany, Rio Tinto dia naneho ezaka lehibe mba hanaovana fanadihadiana lalina momba ny kolontsaina misy ao aminy sy hamoahana ny voka-pikarohana. Ny famoahana ny Tatitra voalohany momba ny Fifanajana Isan'andro dia nisy fiantraikany tamin'ny indostria ary nanampy tamin'ny famolavolana hetsika iombonana. Ny famoahana ity tatitra momba ny Fijerena indray ny zava-bita ity dia fahafahana iray hafa ho an'i Rio Tinto hiara-hiasa amin'ireo orinasa hafa hitarika hetsika iraisana manerana ny sehatry ny harena ankibon'ny tany sy ny loharanon-karena manerantany. Ohatra iray hafa apetraka ny Rio Tinto koa izany mba ahafantaran'ny sasany ny soatoaviny, ny fifampitsinjovana, ny fahasahiana sy ny saina tia karokaroka.

Araka ny filazan'ny mpiasa iray ao amin'ny Rio Tinto, ny zava-dehibe azo alaina avy amin'ity Fijerena indray ny zava-bita ity dia:

> “Tena misy tokoa ny fiovana, ary tsy ho mora ny manatanteraka izany indraindray. Tsy afaka mihemotra isika ... Ato amin'ny Rio Tinto aho satria te- hamita hatramin'ny farany izany fiovana izany. Mila manohy ny ezaka isika”